


Coliseum Antsonjombe, Alahady 15 Janoary 2023. Ny Pasitera Ammi Irako Andriamahazosoa sy Zaka Hary Misy Andriamampianina sy ireo vadiny. Nikatroka mafy mihitsy ity farany hamelezana mafy na mpitondra, na mpitandro filaminana. Diso paika tanteraka, indrisy...



Coliseum, Antsonjombe, Alahady 15 Janoary 2023. Tso-drano nivadika famelezana ara-politika. Misaotra Zaka a!

Inona ry zareo ny zavatra tsy hitranga eto ambonin'ity tany fandalovana ity ? Izaho aloha dia tsy ho gaga intsony n'inona n'inona hiseho. 69 taona aho izao. Raha mbola homen'Andriamanitra 25 taona hiainana eto an-tany aho dia mba hahita ny zafiafy sy ny zafikitrokely. Fahasoavana be izany. Saingy faniriana ny an-draolombelona fa Izy irery ihany no manapaka.

Elisé Ranarivelo
L'Express, 17/01/23




Fa amin'ny maha mpanao gazety ahy efa am-polo taonany kosa dia mila manome antony ho


anareo mpamaky sy mila mametraka soratra ho an'ny Tantaram-pirenena malagasy, mikasika ireo tranga mampisara-bazana ny Malagasy. Karazana fijoroana vavolombelona fa mifototra amina zavatra marina, azo porofoina amin'ny fikaroana lalina ataoko izay hita ao amin'ny Internet ihany raha tena vonona hikaroka.



Mazava tsara, io misoratra eo ambony io, ny tena anton'ny nokarakarain'ny FOIBE FJKM io Fanompoam-pivavahana io.

Mikasika ny re sy heno tamin'ny fanompoam-pivavahana tao amin'ny Coliseum ao Antsonjombe, ny Alahady 15 Janoary 2023, ity lahatsoratro ity. Mazava ny antony nikarakarana io fanompoam-pivavahana io : Fampaherezana sy Fampihavanana no nandrasan'ny kristianina rehetra tonga teny. Saingy…

Eny, maro no nahita sy nandre ny teny sy « *famelabelarana* » tsy ho lazaiko hoe « *famelezana* » nataon'ny pasitera Zaka Hary Masy Andriamampianina, Filoha lefitry ny birao Foibe Fjkm - avy ao amin'ny FJKM Tanjombato Maritiora - sy ilay mpanolotsaina laika, Georges Henri Randriamamonjisoa, ao amin'io Foibe io ihany. Ity farany moa dia anisan'ny 3è promotion Rainandriamampandry tao amin'ny CEDS.
*« Cerveau » e*
!... Tale mpanantanteraka tao amin'ny PSDR («
*Programme de Recherche*
*pour et sur le développement régional »)*
Anosimasina Itaosy teo aloha, ihany koa ingahy ity. Eto vao tadidiko fa ny taona 2008, fony mbola Filoham-pirenena i Marc Ravalomanana, dia nahazo vola 200 tapitrisa ariary, avy any amin'ny
*« Banque mondiale »*
izy, hanatontosana ny praograma
*« agriculture sans feux »*
. Tsy hitako ny tohiny fa ny PSDR nitohy foana ka lasa
*«*
*Projet Sectoriel de Développement Rural*
*»*
. Nankaiza ny vola ry Georges ?...




Raha ny an'ny voalohany aloha dia tohin'ny famotehana ny Fjkm nanomboka teo amin'ny fidiran'ingahy Marc Ravalomanana sehatra tao amin'io fiangonana lasa nilaozan'ny mpihino kristianina tsikelikely. Ny taona 2000 izany. Io taona io tokoa no voafidy filoha lefitry laika ao amin'ny Fjkm io filohampirenena teo aloha io. Ary mbola voafidy hatrany izy, amin'io toerana io, ny taona 2004 sy 2008. Ny sasany amin'ireo minisitra nandrafitra ny governemantany, tamin'izany fotoana izany, dia nanana andraikitra lehibe teo anivon'ny sampana laikan'ny Fjkm. Anisan'izany Itompokolahy Benjamina Andriamparany Radavidson, minisitry ny Vola lasa minisitry ny Fanabeazana avy eo ; Hajanaririna Razafinjatovo, minisitry ny Fanabeazana lasa ministry ny Vola avy eo ; Ivohasina Razafimahefa, minisitry ny Varotra…

Hoy i Miary, mpandalina ny fiarahamonina tamin'izany vaninandro izany : « *Il est clair qu'au sein de l'église Fjkm, on voit se refléter les dégâts entrainés par l'intrusion de la politique et de l'argent. La nomination de Marc Ravalomanana comme Vice-président de cette fédération au titre des laïcs et sa politique de se faire aimer et se rendre indispensable en distribuant généreusement une manne financière, a débouché en l'absence de liberté de jugement des hauts dignitaires de cette église, dont certains trouvaient dans les largesses du donateur un moyen d'équilibrer leur budget familial. La politique est entrée de manière insidieuse dans les affaires de foi et de religion. C'est grave, très grave*
».

Dikan-teny malaka : Mazava fa eo anivon'ny fiangonana Fjkm dia hita taratra ny fahavoazana vokatry ny fidiran'ny politika sy ny vola. Ny fanendrena an'i Marc Ravalomanana ho filoha lefitry ny federasiona ho an'ny laika sy ny politikany amin'ny fanaovana izay tiavan'ny olona azy amin'ny alalan'ny fanomezana ara-bola tsy misy fetrany, no nahatonga ny tsy fisian'ny fahalalahana hitsara tokony hisy ao amin'ireo olona ambony ao amin'ity fiangonana ity. Ny sasany moa dia nahazo fidiram-bola nampifandanjana ny teti-bolan'ny fianakaviany. Niditra

an-tsokosoko tamin'ny resaka finoana sy fivavahana ny politika. Zava-doza, tena loza.




Tamin'ny andron'ingahy Marc Ravalomanana izany dia tafiditra tsikelikely teo amin'ny sehatry ny finoana sy ny fivavahana ny resaka politika izay tsy anjaran'ny mpitondra fiangonana mihitsy no manely sy/na mampiseho ny fironany ara-politikany imasom-bahoaka, ary ao anatina fotoam-pivavahana indrindra indrindra. Zava-doza tokoa. Kanefa, etsy andaniny dia mazava ho azy fa nànana tombontsoa isan-karazany ireo mpisorona. Fa izy, Marc Ravalomanana, filoha lefitry ny Fjkm no nanomboka nampiditra ny kabary politika ao am-piangonana. Modiany tsy fantatra fa misy fomba, fotoana ary toerana ny famelabelarana hevitra iray. Any amin'ny taranja SVT (Mikasika ny Tontolo iainana) ve ny mpampianatra dia hiresaka Matematika, ohatra ?

Saingy izy no sady Filohampirenena no any filoha lefitry ny Fjkm, fiangonana mbola natanjaka noho ny Ekar (Fiangonana katolika romana) tamin'izany vaninandro izany. Aza adino koa fa ny protestanta no tonga voalohany teto Madagascar, ny taona 1818, tamin'ny alalàn'i David Jones sy Thomas Bevan izay nalefan'ny LMS *(« London Missionary Society »*).

Tsy ho velabelarako eto ny fomba nahazoan'ingahy Ravalomanana ireo tanin'ny Fjkm sy ny an'ny miaramila ao Faravohitra izay notapenany mihitsy ny làlam-bahoaka (« *voie publique* ») eny, fony izy Filoha am-perinasa -manontania eny amin'ny manodidina eny raha te-hahalala bebe kokoa- fa dia lasa fitaovana teo am-pelatanany io Fjkm natanjaka be io.



**Dia hino ve isika fa haka sary toa izao i Pasitera Zaka raha izy no Filohan'ny Fjkm na koa Ffkm ? Asa...**

Eto aho dia manipika fa tsy ilay Fiangonana protestanta nohavaozina (« *Eglise protestante réformée* ») natsangan'ilay frantsay Jean Calvin mihitsy no ratsy fa ny fomba fitorian'ingahy Ravalomanana miala avy amina andininy sasany nalaina ao amin'ny Baiboly Masina ikambanan'ny kristianina rehetra. Dia samy manana ny fomba fandraisany avy ny rehetra (*« intepprétation »)*. Kanefa raha bangoina dia izao ny hafatra tiany alentika any anatin'ny ati-dohan'ny mpino miangona ao amin'ny Fjkm : izaho no tena izy -mpanompo an'Andriamanitra izany- fa ny hafa devoly daholo !




Le temple existe depuis 1864 sous les pasteurs Rainitrimo et Ramaka (photo en haut à gauche). En 1897, au début de la colonisation, le bâtiment fut réquisitionné par l'administration coloniale pour en faire le bureau de la Poste. En 1903, le temple retrouve sa vocation initiale et devient la Paroisse internationale d'Aavaratra Andohalo qui est, jusquà aujourd'hui, une église protestante rattachée à la FJKM disposant d'un statut particulier, en raison de sa langue d'évangélisation principale, le français.





Pasitora Zaka Hary Masy Andriamampianina sy ny vadiny



Tsy tonga tonga ho azy izao sary izao. Fa dia mihevitra mihitsy ity Pasitera Zaka ity fa efa any amin'ny habakaka eny ka efa tsy olombelona misy fiarahamonina intsony no iainany...



Linked in

Georges Henri RANDRIAMAMONJISOA
Consultant en management

Freelance
ASCI, INDE

Actuellement, Conseiller Laïc du bureau central de la F.J.K.M. (Fiangonan'i JESOA KRISTY eto Madagasikara: Église de JÉSUS CHRIST à Madagascar)

Experience

**Consultant en management**
Freelance
Oct 2020 - Present · 2 years 4 months
Consultant individuel freelance en management notamment en gestion de Projet de développement.
Avec:
* formation en management avec deux Master II (France et Madagascar);
* formation en diplomatie et stratégie (Madagascar);
* formation en gestion de Projet (Canada);
* formation en general management (Inde)
* 32 ans d'expérience en tant que cadre dont 25 ans comme dirigeant;
je suis capable de donner des recommandations pour améliorer votre gestion

**Directeur général**
F3
Feb 2018 - Oct 2020 · 2 years 9 months
Madagascar
Provenderie, huilerie, élevage et agriculture industriels

**Coordonnateur Général de Projets**
Groupe AKESSON-MINERAGREX
Jun 2014 - Jan 2018 · 3 years 8 months
MADAGASCAR

**DIRECTEUR EXECUTIF NATIONAL (8 ans) après être Directeur des Opérations (1 an)**
PROJET DE SOUTIEN AU DEVELOPPEMENT RURAL (PSDR), Financements Gouvernement Malagasy,Banque Mondiale
2005 - 2014 · 9 years
MADAGASCAR

**AUDITEUR INTERNE NATIONAL, DIRECTEUR PROVINCIAL, DIRECTEUR NATIONALpi**
Projet SEECALINE (Gouvernement Malagasy et Banque Mondiale): Education nutritionnelle (enf., mère)
1998 - 2005 · 7 years
Antananarivo, Toamasina, Antananarivo

**INSPECTEUR D'ASSURANCES, CHEF DE MISSION AUDIT INTERNE, CHEF DE DEPARTEMENT AUDIT INTERNE**
Compagnie Malgache d'Assurances et de Réassurance (CMAR) NY HAVANA
1988 - 1998 · 10 years
ANTANANARIVO MADAGASCAR



**Madagascar: Religion : l'église FPVM taninanandrano fermée et scellée !**

26 OCTOBRE 2005

*Par Vola A.*

La plainte de la FJKM sur les agissements de certains fidèles de la FPVM a occasionné le déplacement

## FPVM 2022




FIANGONAN'I JESOA KRISTY ETO MADAGASIKARA
Ireo Mpikambana ao amin'ny
Biraon'ny Mpiandraikitra Foibe
2021-2025
FILOHA:
DR IRAKO ANDRIAMAHAZOSOA AMMI
FILOHA MPANAMPY MPITANDRINA:
ANDRIAMAMPIANINA ZAKA HARY MASY
FILOHA MPANAMPY LAIKA:
RAZARASOA TIMOTY
MPITAHIRY VOLA:
RANDRIANJA VOAHANGY
MPANOLOTSAINA MPITANDRINA:
RAKOTOBE RAJAOMANJATO DODAHERISOA
MPANOLOTSAINA LAIKA:
RANDRIAMAMONJISOA GEORGES HENRI

[illegible]


BIRAO FOIBE FJKM
Sambava, 18 aogositra 2021. Mbola voafidy ho Filoha
ny Révérend Docteur IRAKO ANDRIAMAHAZOSOA Ammi
ZAKA sy GEORGES

[illegible]